



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### FAMPITAM-BAOVAO

Nakotrokotroka ny fankalazana ny fetim-pirenena nandritra ny matso lehibe tetsy Mahamasina. Nanome voninahitra ny matso teo anilan'ny Filoham-pirenena malagasy Andry Rajoelina mivady, ny vahiny manan-kaja dia ny Filoham-pirenena Rwandais Andriamatoa Paul Kagamé mivady. Niova endrika tsy tahaka ny isan-taona ny fizotry ny matso. Isan'ireo fanavaozana ireo ny fandraisan'anjaran'ireo tafika vahiny, nanana solon-tena tamin' izany ny tafika frantsay, ny avy amin'ny tafika maorisiana ary ny tafika comoriana. Isan'ny nanamarika ny matso tamin'izao fankalazana ny faha 59 taonan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara izao ihany koa ny famerenana indray ireo mpilatsaka an'helon'aina, ny fanehoana tamin'ny vahoaka ireo fiaramanidina sy angidimby vaovao hampiasain'ny tafika malagasy na amin'ny fitandroana ny filaminana, na ihany koa amin'ny fiarovana ny sisin-dranomasina.

Hita nandritra ny matso ihany koa ireo karazana fiara tsy mataho-dalana hampiasain'ny tafika amin'ny fitandroana ny filaminana any ambanivohitra sy any amin' ireo faritra saro-dalana izay marihina fa fitaovana vaovao avokoa. Mahatratra 2862 ireo mpandray anjara nandritra izao matso lehibe izao. Nahitana fiaramanidina 17, angidimby 4 ary fiara 208. Nizara 6 kosa ny fizotry ny matso: nahitana ny avy amin'ny sekoly, ireo andian-tafika vahiny, ny avy amin'ny tafika malagasy, ireo paramilitaires, ny tafika an'habakabaka ary ireo vondron-tafika mampiasa fitaovam-pitaterana. Raha fehezina, hita taratra teto ny fahavononan'ny fanjakana hametraka ny filaminana ao anaty fotoana fohy eto Madagasikara. Izany rahateo dia efa voasoritra ao anatin'ny Politika ankapoben'ny fanjakana ankehitriny.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana  
26-06-2019